

Taratasy misokatra [Lettres ouvertes]

Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

5 Fichier(s)

Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, Taratasy misokatra [Lettres ouvertes], 1920-04-15 ; 1921-10-15

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 25/02/2026 sur la plate-forme EMAN :
<https://eman-archives.org/francophone/items/show/1695>

Copier

Description & analyse

Description« Taratasy misokatra ho an'i MM. Atmosphère sy Aéro Dremina, sous le pseudonyme de K. Verbal, avec la réponse, « Taratasy misokatra ho an'i Madame Anja-Z ».

AnalyseDans ces premiers essais, il sacrifie à la mode du temps, celle des "lettres ouvertes". Ce genre, aux frontières des sphères déchange privée et publique, fut le mode de communication privilégié de la génération des années 1920. Les articles de *Vakio ity* ont tous été écrits sur ce modèle. JJR adopte du genre toutes les afféteries. En premier lieu, les pseudonymes sous forme d'anagrammes ou de surnoms hauts en couleur et en assonances: Aéro-Drémina, Atmosphère, K. Verbal, etc. Il ne nous a d'ailleurs pas toujours été possible de retrouver derrière ces "masques" l'identité des écrivains engagés dans ces joutes épistolaires.

A travers ce ton de "maître d'école" que JJR et ses correspondants fictifs adoptent dans les développements didactiques de leurs missives, dans ce que l'on peut considérer comme le "premier jet" de son oeuvre critique, se dessinent déjà nettement quelques idées forces de sa réflexion: le questionnement sur le bon usage des techniques venues d'ailleurs et l'incitation à plus de professionnalisme.

Auteur de l'analyseRamarosoa, Liliane (18-07-2015)

Éditeur(s) de la ficheResztak, Karolina

Informations générales

LangueMalgache

Cote

- NUM PRO REV VI LETTRES
- RV.VILE

Nature du documentRevue

SupportPhotocopie

État général du documentBon

Localisation du documentBNF (CR), Paris

Présentation

Date

- [1920-04-15](#)
- [1921-10-15](#)

GenrePresse (Article rédigé par l'auteur)

Mentions légalesFiche : équipe Manuscrits francophones, ITEM (CNRS-ENS) ;
projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle). Licence Creative Commons
Attribution - Partage à l'Identique 3.0 (CC BY-SA 3.0 FR)

Éditeur de la ficheClaire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et
manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne
nouvelle)

Information sur la revue

Titre de la publicationVakio ity

Lieu de publicationTananarive

Notice créée par [Richard Walter](#) Notice créée le 16/12/2014 Dernière modification
le 16/09/2025

(339)

a mety'ho lafo be ! » hoy Ramasy.
hæ! » hoy Rambola.
iy anarana-hoe Carmené, Radafson ary Raveo
saroany fa ambentia-tenin-«dRamatoa tsotra »
zany.
aminy izany ! » hoy Papof anakampony.

TOKO XIII.

AMONO NY AMBOADIA.

iiri-panalahidy ny nametrahan' ireto jio ity
n-tsainy ny hevitra hangalatra io he enti-mana-
» raha vao-mandeha Ramasy sy Rambola.
tsy nisy niwoaka izy roa lahy, fa mamo tao an-
hany ka tsy nisy nahafahan' i Papof haka ity
efa may ery aza izy. Tato aoriana kely aneta,
dia gatry ireto jio, ka efa nifotraka sy misesona
a rehetra izao, dia nitsaika tsimoramora Papof

vao nandingana ny tokonan' ny effitra izy dia
Ramasy efti mitsikasina teo ny rantsan-tongony,
savoana sy hamely azy noho ny hamamoana tsy
Papof nahita an-dRamasy nitsangana tamini-
na, nefa niaakarapoka iadray; fa nofatoran' ny
iny ka nitarika azy tsy habatohan-tena, sady
feo bada sy mifatotra hoe :

... ity... ity... anio... fa mi... tady... hisa-
... ra... tsy... Laim... bola... ah... »
ja nidraiko nanatona koa Rambola, ka nifano-
sf izay noheverin' izy ireo ho polisy ary hisambo-
ianezaaka hitsangana, nefa nianjera iny Ramasy
akory, toy izany koa Rambola, satria ny mamo
y olona iray tsy noselonin' ny rago afo na dia
aitan' i Papof izany, dia nihataka mora izy hana-
sy saro-bidy, dia havelany tso ireto jio mamo, fa
vy eo.

ahan' i Papof Ramasy sy Rambola, ka tonga'izy
y trathy ny ainy mifatotra teo ka samy voa mafy
ao ho velona intsony.

ly teny dia lalina ny hiaka sy ny tabataba tao an-
atra ny sofin' ny polisy izany mba hanatona ao,
asambatra izy roa lahy, le nobelohina taona vitsi-
nya, satria nisy zavatr olona maro no very tany
tamin' io alina io.

zay ny amin dRamasy sy Rambola, fa efa nanody
tony, ary indrindra koa fa efa nahavony tena
tasy saro-bidy Papof.

(Mbola hotohizana).

K. VERBAL.

15/10/1921

(340)

TARATASY MISOKATRA HO AN' I Mme. ANJA-Z.

LOHATAONA !

M ANDIA ny ati-ririnina isika izao, ka hodidinin' ny hazo ringi-dra-
vina sy ny tanety karankaina ary ny rano ritra sasaka.
Toa misaona izao tontolo izao ; Ankaratra mijoalajoala mainty mba ho
moron-tongotri ilay akanjo mainty ijolohan' Imerina izay hiseho vozona
eny antendron' i Votovorona, ka mivona valahana ery antenantenan'

Ambatovory.

Vasoka ny rahona, manjombona ny masoandro, ny andro fohy sady
mamirifiry, ny alina sady lava no mampangovitra mihintana ny
ravina, mihamaina ny taho, malazo ny voniny, ary ny rivo-panala dia
misahosaho hamoriporitra ny velona.

Indro, tazako mitsororoka eo ampovoan' ny fahafatesana mandazo ny
zaridaifa, voninkazo iray misendrefondro mila hilofika, fa fenjain' ny
fanola... inay, reko koa ny kankafotra mitomany any an-tendron' ny hazo
ringitru ka mandefy ny akon' ny tolokony eran' ny lohasaha sy mandi-
ngana ny havoana.

Maizina ny andro, ny tara-bolana vasoka sisra manazava, nefa tsinjoko
ihany ilay voninkazo malazo ; reko ihany ireo tolokon' ilay vorona ory.

Indrisy ! tos alina ny fainana, fa mangidy ny anjra
Nefa, raha mbola niondraka hitomany aho, dia indro kosa tazakô ery
amin' ny vodi-lanitra atsinanana efa manga ny masoandron' ny lohataona.

Miaraka amin' iny koa ny feon' ny hitsikitsika, ary tos bitsako mifangaro
amin' ny siakany hy aina vaovao hotrohin' ny vaninkazo malazo !

Tsy ho-ela dia ho tsapako mihitsy izany « fitsanganan' ny maty » izany,
dia ho hitako eo anatrehako ny fivelatry ny voninkazo efa maina... ary
ny tolokon' ny kankafotra dia hiofo ho hiran' ny domohinai !

Miovaova ny fainana ; nefa kosa ny fiononana hahatratra ny lohataona
dia hanary dia ny famirifirin' ny ririnina !

Elaela ihany izay, ry Mme Anja-Z, dia ririnina fotsiny no tsinjoko
nauarona anao teo ampotori ilay havoana manirery izay tevehin' ny
tolokonao ka manarona ny androatokon' ny ainao.

Tora-kovitra aho mahita anao hila hilofika eo anoloan' ny tavocara
nitoveranao voavakin' ny anjara ; nefa kosa, mino aho fa antomotra ny
lohataona biorenant ny fakanao amin' ny tany voakoly, ka hisehoan' ny
singam-bolonao ho miranirana eo ambanin' ny masoandro indray.

Ririnima, tomoko, tsy mahaeritra indro amin' ny taona, koa mampiono-
na anao aho, aoka re tsy ho ririnina ihany no fainanao, ary enga anie ka
tsy ho rovitry ny tomany madinika ny taloha intsony ny fonao, fa hivi
trana kosa amin' ny hafalihana mahatsinjo ny lasa tsy hiverina sy maha-
tazana ny ho svy ... ny lohataona !

Mme. K. VERBAL.

Revue Vakio Ity 15/04/1920

(65)

- 6 Ny maso mivily ho sahajambana.
Mitondra ny fo mba hanoo filibana,
Dia saino, hevero, ki dinihio tsara
Fa loza miboka mamono ao am-para
- 7 'Zay fatra-pimano, tsy zaka rarana
Dia biby masiaki mitoetra an-tanana;
Mandrakala ivelany, mandringana an-trano;
Zay tany lalovany idiranana angano !
- 8 Fa zovy ireo sasany mbola tamana
Misangy ny poizin' ity filokana ?
'Lay fasam-pitcelina bare-mivongady
Mamotraka mafy, mamarina an-kady !
- 9 Dia ento ny hevitra feno hakingana,
Ataoovy ho naman-dRalahaklana,
Indreoy ny fianarana mifotsy zatovo :
« Ry maro tanora, tongava hanovo. »
- 10 Ny hery aman-joto 'zay tena igagana,
Dia aza fonosina lakanosana,
Fa aoka hiposaka sy mba hizetra
Ho enti-manefy ny adidy rehetra
- 11 Raha tian-ko tsara antoka ny fiafarana,
Kendreoy ny famindran' ny hatanorana,
Izay fiafriana aza avela hipariaka,
Fa maro ny zavatra 'zay mampikiaka.
- 12 Ry imponin' ny Nosy, lazao fiderana,
Fa kanto sy fatratra ity fitondrana
Ho enti-mitaiza ny fahazzana :
Trarantitra anie ny mpaoao fanjakana !!

E. M. RAMAROTAFIKA.
(Abonné N° 195)

TARATASY MISOKATRA ho an' i M.M. Atmosphère sy Aéro-Drémina.

R Y sakaiza,
Hita amin' ny tonon-kira fahagola, izay mbola malaza sady asisiky
ny maro amin' ny lahateniny ankebitriny, ny mindraná ny rivotra hito
ndra hafatra. Mahangoly erý ny miaino azy, indrindra koa fa tsy lefy
ny hamangany.

(66)

Ovako bika kosa izany, ka tsy ny rivotra intsony
ny hafatra, fa ny dian-tongotry ny lafitra avy i
hamaky ny rahona misy an' i Atmosphère sakaizako
ko no hampandihiziko hanatraka an' i Aéro-Drémina
nga azy ireo hizotra mahitsy amin' ny lanala kendresy
hitaina azy hiara-mifantina ny diamondra soa
saina mba hatambatra ho diademz hisatrehany, ary
misikina mba hanambatra litera maro ho teny me
trône-ny eo amin' ny fandrosoana, fahatsarana, etc.

Mino aho fa ny lanala hisintarako hihonana an
hanome hery ahy, hahatonotsa ny hevitra soa kendresy
hampandroso ity pejy volamena ity sy hampitony ary
hisintonia ny maro hamaky sy ho tia azy.

Manantena koa aho fa ho toy ny niarahako t
nampandroso « *Mppinjia* » (fony izaho niery t
Katro-maningana) taona iry no hiarahako aminy
« VAKIO ITY. »

Tsy misalasala aho eto am-pinoana fa ireo tenikisolo ny trompetra hanainga anareo hampandihy ny
ny « Vakio ity, » sy hanolotra miaraka amiko « artic
bahavariana sy hahasoa ny mpamaky azy.

Manantena koa aho fa hahazo valiny hanohana ny
azy.

P.S.—Todiho fa ao anatin' ny Loko fiton' ny a
izay mandefady amin' i Vakinankaratra Aero-D
any andrefana misy an' i Atmosphère no ieren' ny a
no isisihan' ny tanako (na ny tandindony) handray i

Ho an' ny mpamaky

I TY taona 1920 ity dia isan' ny taona be vonjhahitra
taonan' ny tany, fa taona manaraka ny taondra
momba ny fanehena tam'in ilay ady mahatsiravina
ka ny taona nahavitana ny fikambanam-pireneny
azy. Taona manaraka ny taona nahafahaha tam
ndoza.—Taona soa! Taona solamena! Taona d

Koa satria taona be vonjhahitra toy izany ity taona
hasatrola azy ny lakoraonin' ny fandresena samy
amin ny ratsy isan-karazany, izay manimba ny tena,
manimba foko, manimba firenena

Ny karazan-dratsy samy hafa anefa dia efa samy
ny mpandaha-teny avokoa, ka tsy mikasa handaha-ten

“Ovako bika kosa izany, ka tsy ny rivotra intsony no taomiko hivatsy ny hafatro, fa ny dian-tongotry ny lalitra avy nandihy no ho entiko hamaky ny rahona misy an’ i Atmosphère sakazako, ary ny rantsan-tananga azy ireo hizotra mahitsy amin’ ny lanana kendren’ ny « VAKIO ITY, » saina mba hatambatra ho diadema hisatrahany, ary hamporisika azy hiaraisikina mba hanabatra litera maro ho teny mamy sy mahaliana ho trône-ny eo amin’ ny fandrosaana, fahatsarana, etc.

Mino aho fa ny lanana hisantarako hihanaona amin’ i Atmosphère dia hanome hery aby, habantosoa ny hevitra soa kendren’ ny « Vakio ity, » ary hampandroso ity pejy volamena ity sy hampitombo ny famirapiratany ary hisintonia ny maro hamaky sy ho tia azy.

Manantena koa aho fa ho toy ny niarahako tamin’ i Aéro-Drémina nampandroso ny « Mpijinja » (fony izaho niery tao amin’ ny anaranana Katro-maningana) taona iry no hiarahako aminy indray hanatsara ny « VAKIO ITY. »

Tsy misalasala aho eto am-pinoana fa ireo teniko ireo dia hanakoako hisolo ny trompetra hanainga anareo hampandihy ny penina hampandroso ny « Vakio ity, » sy hanolotra miraka amiko « articles » mahaliana, mba hahavariana sy hasoaso ny mpamaky azy.

Manantena koa aho fa hahazo valiny hanhana ny heriko sy hanampy azy.

K. VERBAL.

P.S.—Todiho fa ao anatin’ ny Loko fiton’ ny avana Be fahatsarana, izay mandefa lady amin’ i Vakinankaratra Aero-Déména, ka miampita any andrefana misy an’ i Atmosphère no ieren’ ny anarako; amin’ ireny no isisihan’ ny tanako (na ny tandindony) handray ny anareo !

K. V.

Ho an’ ny mpamaky .

ITY taona 1920 ity dia isan’ ny taona be voninahitra indrindra amin’ ny taonan’ ny tany, fa taona manaraka ny taona nahavitan’ ny sonia ka ny taona ngahavitan’ ny fikambanan-pirenenena tsy mbola nisy too ndoza.—*Tdona soa!* *Taona volamena!* *Taona diamondra!*

Koa satra taona be voninahitra toy izany ity taona ity, ka dia tokony hasatpoka azy ny lakoraonin’ ny fandresena samy hafa, dia ny *flalana amén* ny ratsy isan-karazany, izay manimba ny tena, manimba namana, manimba foko, manimba firenena

Ny karazan-dratsy samy hafa anefa dia efa samy nodiavin’ ny pienin’ ny mpandaha-teny avokoa, ka tsy mikasa handaha-teny lava hivaofy azy

ireny aho, fa *frazy fohifohy mory tadidina* kosa no tiako haseho, mba ho mora saintsain’ izay te-hiala tokoa ; ary raha mahafaly an’ i MONSIEUR LE DIRECTEUR, dia vonona aho hitanisa azy ireny mitohitohy tsy tapaka, fa *flalana amin’ ny ratsy no voninahitra ny olombelona*.

Koa izay tiako hotofirina voalohany, dia :

1. TOAKA.

Hoy *Tselatra*. “ Ny toaka dia ivin’ ny devoly romotra.” Koa izay miboboka azy ve tsy ho romotra tahaka azy koa ?

Tsy misy rano mandoro kokoa noho ny toaka, na dia ilay rano-afon’ ny Alema nalefany tsy ara-dalana aza.

Tsy misy tsy hain’ ny toaka *dorana* ny faritra rehetra momba ny tena, ary izay ananan’ ny olombelona tsy misy tsy hainy *levonina*, na dia fanjakana iray manontolo aza.

Izay te-ho sabatrala tsy maintsy mahatoy ny toaka, fa *iraky ny Devoly* hamongotra ny fahasambaran’ olombelona izy.

Azon’ ny Dokotera mahay ampiasaina amin’ ny fanafody ny toaka, fa tsy hainy kosehina ny anaranany hoe *Poizina*, izay iombonany amin’ ny poizina samy hafa.—Nefà na izany aza, ny soa vitany amin’ ny fanafody dia kely lavitra noho ny loza afafiny amin’ ny tany sy ny fanjakana.

Ny *fanjakana tsy idran-toaka*, dia efa manakaiky ny lanitra.

Ny mpivarotoaka dia miandany amin’ ny fahavalon’ ny olombelona sy ny fanjakana.

Raha isaina ny *dian’ ny karazan’* olo-meloka nandingana ny tokonan’ ny tranoamizina, dia ny dian’ izay efa teo amin’ ny toaka no be indrindra.

Ny *androyotokon’ ny ratsy vitan’ ny olo-meloka dia vokatry ny toaka*.

Fanjakana tsy misy toaka, vitsy olo-meloka.

Ny *foton’ ny toaka* aza dia misy hery efa nomanin’ ny devoly.

Ny anaran’ ny toaka rehetra isan-karazany dia efa vita *lis/a* any amin’ ny helo avokoa.

Ny fihetsehana hamongotra ny toaka no fihetsehana tsara indrindra amin’ ny fihetsehan’ olombelona.

Ny fanandramana misotro toaka dia fanandramana ny karazan-doza samy hafa.

Izay mangetabeta toaka dia mangetabeta poizina ambony karazana.

Ny *mpigatry* rehetra dia niandoha tamin’ ny fanandramana.

Aza manandrana toaka, raha tsy tianao ny hantsoina hoe “ *Ilay mpidoroka*,” indray andro any

Ny fahalaniana eran’ ny laposety dia niandoha tamin’ ny *fanandramana fari-bodin’ ny vera*.

Amin’ ny fanandramana rehetra dia ny fanandramana toaka no ratsy indrindra.

Aza manandrana misotro toaka ary, raha tsy tianao handraman’ ny loza koa ny ainao, ny voninahitao, ny anananao, ny ankhonanao, ary ny fanahinao aza.

Andosiro ny *toaka*, dia handositra anao koa ny ankamaroan’ ny loza mpiseho ety an-tany.

Samy mirehitra ny vanja sy ny toaka ; nefà ny simban’ ny vanja tsy

15/07/1920

(108)

VALIN-TARATASY

HO AN' I M. K. VERBAL.

RY sakaiza,
Satria niantso hianao, dia hanoina, ka mba nindrana koa ny pejim « Vakio ity », massandro be lohataona, hitondra ny arababany ilay Aéro-Dremina nitadiavano valiny. Koa satria fiantsana ahy handroso bebo kokoa no teninao, dia tsy mba ny « Euy », saretra angatabina amin' ny molotry ny mpiahangy no ho hitinao, fa ny « Matokia » avaaky ny fon' izay ta-hamita ny adidiny. Hadalaana, ry Verbal sakaiza, raha iao isika no kamo famoaka ny volamenan' ny atidaha hiravahai' izay te ho soa, satria ny hariva fodia-mandry dia hampijonona ny asan' ny penina, ary ahy am-pasana dia tsy misy intsony Gazety sy mpamaky laha-teny ! Ary satria mitady fanampiana sy hery biana, dia henoy ny akon' ny Trompetra tsosin' i Dremina sakaizanao :

1°

Avia, ampio, ry Hery tsy ~~Ma~~,
Ireo olo-maro mpanoratra ireo,
Fa samy mikezaka ny mba hamita
Adidy mavesatra re, ka vonjeo !

2°

Raha mila ho kivy, na sendra malaina,
Dia tairo ny saina ; hivitrika indray
Ataovy mahefa 'ty zava-kasaina,
Mba samy hizezaka tsirairay !
Ny soratra adala mandoto ny saina
Ireny, ry Hery, ireny foano !
Ny mahasalama sy izay fototra' aina
No mba anampio sy mba anohano !

Ry Verbal sakaiza ! Hiezaka isika hanasoa ny velona, ary izany no tokintsika, fa irina ny bahamaro ny mpamaky, ary tsy mpamaky fotsiny, fa mpamaky mankasitraka ny toro-hevitra marina, ka mampihatra izany amin' ny fainany. Ary aza hadinoina Frantsa amin' ny soa nataony, ia izy no vy nahitana,
Nananana fahazavana.

Ary ny « Vakio ity » ! Hampitombo ny derany anie ny asantsika, ka hanpasatohan' ny maro azy ny voninahitry ny mpanasoa ny miaina t. Isorana izy, fa izy no mampiray antsika eo amin' ny tobini' ny mpandaha tony !

Veloma.

J. AÉRO-DREMINA.

P. S. Andeha hobitsihina kely ny Directeur Gérant hanitatra ny « Vakio ity » ho lehibebe kokoa, fa tsy ampy bivalamparana, sa ahoana, hoy hiaareo !

J. AÉRO-DREMINA

(109)

TARATASY MISOKATRA.

HO AN' I MONSIEUR K. VERBAL SAKAIZA.

TOUIPOKOLAHY malala,

Tsy mba diso fanauteanana hianao tsy akory, raha nandefana tamiko « ny dian-tongotry ny latitra avy nandihy, namaky ny rahona », ho any amiko « Atmosphère sakaizanao », fa natopan' ny alona, ka tody tany amiko ; ary ataoko, fa « ny bal nataon' ny rantsan-tananao », dia voirain' i Aéro-Dremina havantsika koa.

Taitra abo raha vao namaky ny hafatrao, toy « ny trompetra », manitra ny penina hirotsaka ao amin' ny tany fiasana ; nefsa nanindry ny foko alo alesha, ambara-pahalalako ny tena anaranao. Kanjo vao mainka nihamaizina ny faniriako hahalala, fa ny anaran-droa ao : « Katro maninganu » sy « K. Verbal »—eny, telo.aza « K. V. »—dia samy nanidy ahy tao amin' ny efi-trano ny tsy fahatalana. Nefsa raha nandinika ny tena anaranao (fahefatra) miery ao amin' ny « Loko fiton' ny avana », aho, dia nandefana sento hoe : « Ny èla angaha fanadinoana, fa sakaiza io, satria mitonona ho sakaiza ! »

Anio ary, ry Monsieur K. Verbal sakaiza, dia tsy maintsify misampahala tena anaranana marina isika ; nefsa alohan' ny banaovantsika izany, dia hovaliako aloha ny hafatrao, fa mangetabeta fanomezan-toky avy amintsika ny « VAKIO ITY », ka tsy mety raha avela ho sasa-miandry amin' ny tasafirin' ny mpisakaiza elia nisarahana mifanadino anaranana izy.

Fantatra fa ny hevitra kendrenao dia *lasitra iray amin' ny ahy* : « Ny hampandroso ny page volamenan' ny « VAKIO ITY », ka hampitombo ny famirapiratany, ary hisintona ny maro hamaky sy ho tia azy », araka ny teninao. Izany koa no tena hevitro sy faniriako sy fikasako ary ataozo aza, sady fantatry Monsieur le Directeur rahateo izany.

Nefsa, mba habafa-po « ny fanantenana » sy tsy hahadiso « ny finoanoo » ny amiko, dia faly aho haneho mazava aminao ny ao am-poko : Ao amin' ny efi-trano ivcaban' ny « VAKIO ITY » no efi-trano isan' ny tsara indrindra hibaonan' ny mpisakaiza mifanalavitra tahaka antsika, mba bihariharjan' ny fo tia fanasocavana olombelona, miara-mamindra amin' i Frantsa Renintsika.

Efa manehoeaho hatraiza hatraiza sahadys ny lazan' ny « VAKIO ITY » izao, ka irin' ny maro hiseho *isam-bolana* aza. Nefsa mbola adidintsika ihany, tomkokolahy, ny hanovona ny lazany sy hampamerovero ny fofony, mba hahatratra 10.000 maromaro no ho indrai-mivoaka amin' ny fisehona mahaliana samy hafa sy amiu'ny fotoana akaiky kokoa noho ny *Isan-Telo Volana*.

Tsy mbola ritra tsy akory ilay *Loharanon' ny Fantsakan' i Solo-mona*, izay efa nanovozan' ny *Littérature* samihafa, fa mbola azontsika hanovozana koa ; ka raha mangelaheta antsika ny « VAKIO ITY », dia aoka tsy hataontsika « folo tana mañondro », na « *hihambo manana* » antsika izy amin' ny zava-tsoa vokatry ny penina, hozarainy amin' ny miara-belona amintsika sy horaketiny ho an' ny taranaka mandimbé aza. Koa ankehitriny, ry K. Verbal sakaiza ; dia aoka ho velona ny « *finao-*

nao, » aoka hirehitra ny « *fanantenanao,* » aoka ho voatohana ny « *herinao,* » ary aoka hitomban-dahy ny « *fanatsaranao* » ny « VAKIO ITY » fa Atmosphère sakaizanao dia manome toky fa hanampy anao mafy dia mafy tokoa, ka handola *articles* tsy tapaka araka izay *fara-herinay*— Saingy ny farafaran' ny « VAKIO ITY » no *foky*, ka tsy ampy hitsorana ; ny firakony no *kely*, ka tsy ampy hibonohana ; ny pageny no *vitsy* ka tsy ampy handihizan' ny penina. Nefa kosa, mahazo matoky izy ~~la~~ hampahaipanitra ny anarany sy hampanan-daza ny asany isika ; ka na *fanalavitra* aza ny tenantsika, dia hibaona ao amin' ny efi-tzano ivoahany ny fonsitsika.

Ary farany, tomkokolahy. Efa nosangin'ny 60 taona maninjitra isakai-zanao, ka aza tsiny raha mety mandino havana ; nefo mba ho fiarabantsika misafy, dia aoka hiara-mikalo izao andalana vitsivitsy izao isika ho fankalazana ny « VAKIO ITY », sady ao no anoloran' isakaizanao ny anarany :

Jereo isan-takelaka ny « VAKIO ITY, »
Raiso ny toro-hevitra omeny—
Andron-jaran' izay velon-kandinika :
Jiro mitsilo ny dia io,
Elatra anidinan' ny saina,
Sakafo tohan' ny aina,
Tonique mahasalamy ny tena,
Emboka maharavo ny fo ;
Reharehan' izay mahatana—
Araho fisiorana, fa mahasoa.

ATMOSPHÈRE,
Imerimandroso, Antsahanaka.

EXTREREXTRA VOAFANZYNA

2. Ny fanajana.

1. Ny fanajana dia fanompoam-pitiavana izay atao amin-kafaliana ho fanambioniana kokoa ny hasa noho ny tena, na fihiverana mendrika miara-aman'asa entina hanomezana fahafinaretna tsy ho an' ny tena fa ho an' ny namana.
2. Ny fanajana dia lohany indrindra amin' izay mampischo sy mitory ny fahambioniana aman-dazaran' ny olombelona ; fa raha tsy nisy izy, dia foana ny fisondrotana ary rava ny faniriana hikaroka haja amam-boniuhitra.
3. Ny fanajana dia isan' izay voaloham-pahendrena tsy maintsy karohnina sy ananan' ny olombelona, raha vao mahalala handia sy ivelona eo amin' izao tontolo izao izy.

4. Toy ny tsy maintsy ilana fanazavana eo amin' ny alina no tsy maintsy ilana koa ny fisanajana eo amin' ny fainana rehetra, fa ho mai-zina kokoa noho ny atia' ny fasana ny asa aman-draharaoha tsy misy azy sy ny fonefana tsy tsiloviny.

5. Mahraza marija ireo nomem-pahefana ho lehibo sy mpitondra anao, izay mitana ny fantañidin ny fiansoravina ny tenamo sy ny miara-belona aminao, fa adidy tokony hatolotra ny voninahibiny izany.

6. Ny fanajana entin' ny olona dia toy ny fitaratra lehibo eo aminy avy, izay ahitana na hahafantaran' ny mpilijery miaraka amin' izay ny toetra.

7. Izay miavonavona hajaina dia tsy tokony homen-kajy intsony, satria ny lohany tsy mahalala akory ~~sy~~ anton' ny nanomezana azy izany,

8. Izay mampitafy fihetsarambelatsihy ny fanajana ataony dia sazin' ny toetra hamboiny, fa ny tsy fidiny no manery azy hanao sôrona tsy strakhy ny fony.

9. Aloe lavitra teny mamy feno haja asesiky ny fitiavana toy izay vola an-jatony afolotra amin' ny fanalikana.

10. Izay manajy olona tsy araka ny marina ao am-pony dia mikaroka karazam-pâna jana toy izany koa ho an' ny tenany.

11. Izay manao tsinontsinona ny hamany noho izy nobajaina dia mitory ny tenany ho tsy ampy saina sy tsy ho manana akory ny toetra medri-kaja.

12. Ny tokantrano tsy anjakan' ny fisanajana dia lapa tian' ny karazam-pahoriania hisaharana, fa fisamingivingana sy tsy fisanarahana no mibahana ao, ka mandositra tsy mahatoetra ny fifalam-piadanana.

13. Aza mitomany hajy na oviana na oviana avy amin' olona, raha mbola tsy mahay manetry tena akory hanao izany amin' ny namana.

14. Manajy ny olona rehetra ; nefo aza manolotra ny fahaizanao manaja amin' izay tsy mahalala handray izany akory, fandrao hanjary henatra ho anao ny niankoholanao teo anoloau' ny adala.

15. Zaro hiara-mitombo amin' ny fabalehibiazan' ny zaza ny fahaizana misanaja, dia hisikitra iziny amin-pahamendrehana izy hatreto amin' ny fahanterany sady hamabo ny fankasitranan' ny miara-belona aminy mandritra ny fahavelomany.

16. Ny fabazotiana manaja amim-pitiavana ireo masoandro amambolana niteraka dia fisylrhana tsy an-kijanona ny hamaroan' ny fanambiana, suly fanamacoana ny andro hisiam-pisaliana izay rarian' ny tsy tapaka.

17. Raha samy miezaka hampanjaka tanteraka ny fisanajana ny olona rehetra, dia ho hita mitafy fahasambarana mibitsy ny tany, fa ny fon' ny mahay misanaja dia tsy mahay mfyimbina fialonana, na avonavona akory.

18. Mpankasitraka ny fahafatesana ny namany izay mihambo ho mahay manaja eo amin' ny oran' ny fahafatesana, nefo mpaneavetova tsy manana henatra akory teo amio' ny andron' ny fahavelomany ;—izany no fanehôam-pâna jana tsy misy asany, na dia torina sy dradradradraina ho ren' ny kitana aza.